## NY TENY FIAINANA

*Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin'ny voninahitra no amin'i Kristy Jesosy.*

***Filipiana 4:19***

BAOLINA KITRA

# Lasa any Algeria omaly Rakool Barea Chan

Lasa any Algeria omaly Rakool Barea Chan na i Koloina Razafindranaivo. Hamonjy ny ekipa vaovao hisy azy dia ny MC Alger, hilalaovany mandritra ny 3 taona sy tapany. Rahampitso alarobia izy no heverina fa efa hanomboka ny fanazaran-tenany voalohany rehefa avy manao fizahampahasalamana. Mbola manomana ny taratasy rehetra hahafahany mipetraka any kosa ny vadiny izay vao hamonjy azy any. Tsy ho Barea Chan intsony arak'izany Rakool manomboka eto, fa mety ho ao amin'ny Barea CAN kosa indray, satria efa anisan'ireo matihanina any ivelany izy.

**Lita**



*Ny fiaingan-dRakool teny Ivato omaly.*

Orange Pro-League 2022-2023

# Ny Mama Fc no mitarika vonjimaika ao amin'ny "Conférence Sud"

Ny Mama Fc manana isa 8 no mitarika vonjimaika ao amin'ny "Conférence Sud" amin'ny fifaninanana "Orange Pro-League 2022-2023", taorianan'ny nahatanterahan'ny ampahany voalohany tamin'ny andro faha-5, notontosaina tamin'ny faran'ny herinandro teo, rehefa nandavo no Jet Kintana tamin'ny isa 3-1 teny amin'ny kianja « Elgeco Plus Stadium By Pass ». Mitarika vonjimaika kosa na dia mbola tsy nahavita ny andro faha-5 aza ao amin'ny vondrona "Conférence Nord" ny Fosa Juniors Fc Mahajanga manana isa 12. Manaraka azy ireo ao ny Uscafoot (isa 9), Cosfa (isa ary ny Cffa (isa 7) sy ny Disciples Fc isa 7 ihany koa. Voka-dalao tamin'io andro faha-5 io : Ajesaia 1-3 Uscafoot, Disciples FC 3-2 Zanakala FC, Mama Fc 3-1 Jet Kintana, As Fanalamanga Football 2-2 Tia Kitra Fc Toamasina. Marihana fa rahampitso alarobia 15 febrary 2023 etsy amin'ny kianja « Complexe Sportif Cnaps Vontovorona » no hanatanterahana ny fihaonan'ny Fosa Juniors Fc sy ny Asa Diana (Conférence Nord) izay tafiditra amin'io andro faha-5 io ary mbola hisy koa ny fihaonana eo amin'ny Cffa sy 3Fb Toliara (Conférence Sud) hatao.

**Rainilita**



*Ekipa Orange Pro-League 2022-2023.*

Futsal Feminin Interuniversitaire " andiany faha-2

# Hiaro ny voninahitra eo am-pelatanany ny UCM



*Ekipan'ny UCM tompondakan'ny andiany voalohany.*

Nanomboka tamin'ny sabotsy 11 febroary 2023 lasa teo, tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina ny fifaninanana baolina kitram-behivavy Turnover "Tournoi Futsal Feminin Interuniversitaire " andiany faha-2, izay karakarain'ny UCM "Université Catholique de Madagascar", miaraka amin'ny ARB Madagasikara ary eo ambany fiahian'ny FMF "Fédération Malagasy de Football", sy iarahan'izy ireo miasa amin'ny CUA – "Commune Urbaine d'Antananarivo" sy ny "CHE Freedom Spirit". Mahatratra 16 ny ekipa oniversitera mandray anjara amin'ny fifaninanana, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 11 martsa 2023, ka hiaro ny voninahitra eo am-pelatanany tamin'ny andiany voalohany ny ekipan'ny UCM. Ny andro faharoa amin'ny fifanintsanana kosa dia ho tanterahina amin'ny amin'ny sabotsy 28 febroary ho avy izao ary ny andro faha-3 dia amin'ny sabotsy 25 febroary 2023 ary ny lalao 1/4/-dalana dia hatao amin'ny sabotsy 4 martsa 2023.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy ravimboatavo na ravina tsirebika indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fanalana votsy

Fomba fanalana votsy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Sasana madio tsara ilay toerana misy votsy dia fafana ho maina tsara. Totoina ny tongolo gasy hasiny 1 na 2 dia ahosotra eo amin'ny toerana misy ilay votsy, avela eo mandritra ny alina, sasana rehefa maraina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Antanambe any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antanambe any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antanambe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 14 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 mihazo an'i Mananara Avaratra sy Maroantsetra ity tanàna ity. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny vary. Mpanjono koa ny olona any Antanambe.

